



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

**Fitsidihan'ny Filoham-pirenena sy ny Filohan'ny Banky Iraisam-pirenena tao Soavina  
Betafo: "Tetikasa maro mitondra fampandrosoana maharitra eny ifotony"**

Tonga nitsidika ireo tetikasa maro vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola tao amin'ny kaomina Soavina, Distrikan'i Betafo Antsirabe, androany Alatsinainy 29 Aprily maraina ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, niaraka tamin'ny Filohan'ny Banky Iraisam-pirenena Atoa David R. Malpass. Firenena voalohany notsidihan'ny Filoha vaovaon'ny Banky Iraisam-pirenena, i Madagasikara taorian'ny nandraisany izany andraikitra izany tamin'ny 5 Aprily lasa teo. Ny tanjon'izao fidinana ifotony izao dia ny ihaonana tamin'ireo mpisitrika mivantana sy ny mpahazo tombontsoa tamin'ny tetikasa ho entina manatsara sy manampy amin'ny ho avy.

Anisan'ireo tetikasa vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena eto amintsika ny fanampiana amin'ny fanjarian-tsakafo, indrindra ho an'ny zaza, sy fanampiana ireo fianakaviana marefo amin'ny alalan'ny vatsin'ankohonana. Ao amin'ny kaominina Soavina dia napetraka ny Toby andraisana ny zaza latsaky ny 5 taona sy ny reny bevohoka, izay itiliana ny fitombon'ny zaza sy hanomezana fanampiana ara-tsakafo sy fitsaboana ara-pahasalamana. Misy ny mpitsabo sy olona efa voahofana manokana nataon'ny Ministeran'ny Fahasalamana amin'izany Toby izany. Ny tetikasa "Fanjarian-tsakafo sy Fahasalamana Ifotony" (FAFY) dia efa miparitaka manerana ny Nosy, amina Faritra 8, ary ao amin'ny Commune Soavina Betafo no anisan'ny lehibe indrindra, ary vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola mitentina 200 tapitrisa Dollars ao anatin'ny 10 taona hatramin'ny 2028. Ny vatsin'ankohonana hoy ny Filoha Rajoelina, dia tetikasa tena ilaina mba hampandrosoana ny vahoaka eny ifotony, mba hisorohana ny fahamaroan'ny zaza maty nohon'ny valan'aretina sy ny tsy fanjarian-tsakafo. Ary ny fanampiana ara-tsakafo sy ara-bola ny fianakaviana maro dia ho tohizana amin'ny Faritra maro eto Madagasikara, hoy izy, satria hanohy ny famatsiana ara-bola ny Banky Iraisam-pirenena nohon'ny famatoran'ny fiarahamiasa sy nyfitantanana ataon'ny Tomponandraikitra Malagasy isan-tsokajiny.

Eo amin'ny sehatry ny fanabeazana dia misy ihany koa ny famatsiam-bola nomen'ny Banky Iraisam-pirenena izay mitentina 100 tapitrisa Dollars mba hananganana sekoly manerana an'i Madagasikara, ka ny EPP Soavina Betafo no anisan'ny hisitraka izany voalohany. Ho hatsangana ihany koa ny CEG agricole, na sekoly ambaratonga faharoa hiompiana amin'ny fanofanana momban'ny fambolena sy ny fiompiana mba ho afaka hihary sy hahita asa mahavelona rehefa tsy tafavoaka amin'ny fianarana fahalalana ankapobeny. Hisy ihany koa ny fanampiana avy amin'ny Filoha mba hanatsaràna ny vokatry ny fambolena mba entina hanohanana ny Cantine scolaire ao amin'ny sekoly. Izany dia tafiditra ao anatin'ny tetikasa Fihariana hoy ny Filoha, ka ho tohanana ara-bola manokana ny tetikasa rehetra izay mety hitondra soa ho an'ny fiarahamonina sy ny toekarena ka 1 tapitrisa Ariary hatramin'ny 20 tapitrisa Ariary no hatokana isaky ny tetikasa manomboka amin'ny Volana May izao izany.

Nojeren'ny Filoham-pirenena sy ny Filohan'ny Banky iraisam-pirenena ihany koa ny fivoarana vita tao an-toerana mikasika ny fananan-tany sy ny titra ary ny kara-tany izay efa voarakitra ao amin'ny kaomina ary efa voatily amin'ny tekinaolaojia moderina toy ny « satellite » sy ny solosaina izany. Hisy ny famatsiam-bola hatolotry ny Banky Iraisam-pirenena ho entina hikarakarana sy hanavaozana ny sehatry ny fananan-tany eto

Madagasikara mba hanafoanana ny adi-tany, ary 500 no isan'ireo kaomina be-mponina hisitraka izany famatsiam-bola izany mba hafahana mitily sy mizara ireo kara-tany, satria 250.000 ka hatramin'ny 2.500.000 ny isan'ny olom-pirenena tokony hahazo titra hatramin'ny 2022 ao anatin'ny tetikasa iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Efa mitsangana ao amin'ny kaomina Soaviana ihany koa ny "Projet de croissance agricole et de sécurisation foncière" (CASEF) Tetikasa fampiroboroboana ny fambolena sy fiarovana ny zo fananantany. Nilaza ny Filoha Andry Rajoelina fa hatao laharam-pahamehana ny fampiofanana ny mpamboly sy mpiompy, ary ho hampitomboina ny velaran-tany ho azo hambolena ary ho vatsiana fitaovana manara-penitra ny tantsaha malagasy izay 80% ny Malagasy. Ny Tanjona dia ny hitomboan'ny Vokatra mba hahatongavana any amin'ny fahaleovantena ara-tsakafy sy ny fahafahana manondrana Vokatra mba hanatsarana ny varotra sy ny toekarena amin'ny ankapobeny. Raha nandray ny fitenenana ny Filohan'ny Banky iraisam-pirenena Atoa David R. Malpass dia nilaza fa faly tanteraka tamin'ny fandraisana am-pitiavana nasehon'ny Malagasy. Faly ihany koa izy nohon'ny fahavitrihana nasehon'ny Filoha Rajoelina hampandrosoan'i Madagasikara sy manoloana ny vina entiny handresena ny fahantrana.

Fiadidiana ny Serasera sy ny Fifandraisana  
29-04-2019